# Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Zaza (FIZOZAZA)



unissons-nous
pour les enfants

unicef

*Raha mila fanazavana fanampiny:*

**Daniel Timme**
Chief – External & Media Relations (MRE)
Mobile: +261 (0)32 03 411 31
dtimme@unicef.org
UNICEF Madagascar

United Nations Children's Fund
Maison Commune des Nations Unies, Zone Galaxy Andraharo
B.P. 732 Antananarivo
Tel: (261-20) 23 300 92
Email: antananarivo@unicef.org
Web: www.unicef.org/madagascar
Facebook: www.facebook.com/pages/UNICEF-Madagascar/343848901630
Twitter: www.twitter.com/unicefmada

unicef Madagascar © Publication 2012

Layout & design: Abela Ralaivita
Photos: Fabrice Delannoy & Giacomo Pirozzi

*Ny FIZOZAZA nataon'ny firenena mikambana dia azonao jerena ao amin'ny* **www.unicef.org/french/crc/crc.htm.**

# Fizahan-takelaka

Fizahan-takelaka 3

Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Zaza (FIZOZAZA) 4

Ny Zo fototra 5 anatin'ny FIZOZAZA 5

Ny lalana nodiavin'ny FIZOZAZA 6

FIZOZAZA (dikan-teny namoraina) 7

# Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Zaza (FIZOZAZA)

**Fepetran'ny FIZOZAZA:**

- Tsy fanavakavahana
- Ny tombotsoa lehibe indrindra ho an'ny zaza
- Fiainana sy fivelarana feno
- Fandraisana anjara



© UNICEF Madagascar/2012/Delannoy

# Ny Zo fototra 5 anatin'ny FIZOZAZA

## 1. Zo hanana anarana sy firenena

***(FIZOZAZA and 7, 8)***

Raha vao teraka ny zaza, dia tokony manao fanambaram-piterahana any amin'ny Firaisana misy ny toerana nahaterahan'ilay zaza ny raiamandreny. Ho voarakitra anatin'ny rejistra maha-olom-pirenena ny momba ilay zaza. Ny fahavitan'ny fanambaram-piterahana dia afahana manamarina ny fisiana sy ny maha-olom-pirenena ny zaza. Raha tsy vita izany dia toa ny olona tsy misy ilay zaza dia ho sarotra ny fiarovana azy. Ho voaharo amin'ny famarotana, ny fangalaran-jaza, ny fanambadiana tsy ampy taona, ny fanararaotana ara-nofo, ny fampiasana ny ankizy tsy ampy taona amin'ny asa an-terivozona, fanaramana ny ankizy hanao miaramila. Ny fananana KOPIA dia manampy betsaka ny fampidirana ny zaza an-tsekoly sy ny fandehanany ny amin'ny tobi-pahasalamana.

## 2. Zo ho salama

***(FIZOZAZA and 3, 6, 24, 26, 27)***

Ny zo ho salama dia tokony hananan'ny zaza rehetra. Isan-taona anefa dia mbola maro ny zaza maty tsy mahatratra ny faha-dimy taonany akory. Maherin'ny 9 lavitrisa ny zaza maty eran-tany. Ny fototra mahatonga izany dia tsy fahampian-tsakafo, tsy fanana rano fisotro madio sy ny foto-drafitr'asa mifanentana amin'izany, ny ponemonia, ny tazo-moka, ny tsimok'aretina VIH/SIDA, tsy fisian'ny fitsaboana ara-dalàna.

## 3. Zo hianatra

***(FIZOZAZA and 28, 29)***

Tokony hianatra satria manampy ny fahafantarana avy hatrany ny fomba fiarovana amin'ny aretina, sy fampihenana ny taha-pahafatesan'ny zaza sy ny reny, ny fanabeazana ny zaza hianatra, hivoatra ary hiady amin'ny fahantrana sy ny fanamparam-pahefana.

## 4. Zo ho arovana

***(FIZOZAZA and 19,22,32, 33, 34, 35, 39, 40)***

Ny dikan'ny hoe fiarovana dia afahana misoroka ny herisetra rehetra anisan'izany ny fanararaotana ara-nofo atao fahazoam-bola, ny fivarotana sy ny fampiasana ny ankizy, ny fomba amam-panao mitera-doza, ny fanambadian'ny zaza tsy ampy taona.

## 5. Zo handray anjara

***(FIZOZAZA and 12,13,14, 15,17)***

Ny fiaraha-monina manana fahalalahana na demokratika dia manan-jo amin'ny fandraisana anjara avokoa ny olom-pirenena ao aminy, eny fa na dia ny ankizy aza. Omena vaovao sahaza ny taonany ny ankizy, ampandraisana anjara izy ireo amin'ny fanapahan-kevitra any an-tokantrano, any an-tsekoly, any amin'ny fokontany misy azy ireo. Adidy sy andraikitr'ireo firenena sy fanjakana nankato ny FIZOZAZA ny fampandraisana anjara ny zaza. Tafiditra anatin'ireo fepetra efatra ireo ny Fandraisana Anjara.

# Ny lalana nodiavin'ny FIZOZAZA

- 1959: Fanambarana ny Zon'ny Zaza
- 1989: Nanaiky ny FIZOZAZA ny Firenena Mikambana
- 1991: Nankato sy nanao sonia ny FIZOZAZA Madagasikara
- 2010: Feno 20 taona ny FIZOZAZA
- 2011: Feno 20 taona ny FIZOZAZA eto Madagascar



© UNICEF Madagascar/2012/Delannoy

# FIZOZAZA (Dikan-teny namoraina)



## Andininy 1: Famaritana ny atao ho zaza

Ny olona rehetra latsaky ny valo ambin'ny folo taona araka ny voasoratra ato anatin'ny FIZOZAZA no atao hoe zaza.

## Andininy 2: Tsy fanavakavahana

Ny zo rehetra dia mahakasika ny zaza rehetra tsy an-kanavaka na manan-karena na mahantra, na mitondra kilema na tsy misy kilema. Tsy mijery ny tenin-drazana, na fihaviana, na finoana, na kolotsaina izany. Mitovy lanja ny fikarakarana ny zaza rehetra.

## Andininy 3: Ny tombontsoa lehibe indrindra ho an'ny zaza

Tokony katsahin'ny olon-drehetra, indrindra fa ny lehibe ny tombotsoa lehibe indrindra ho an'ny zaza, indrindra moa rehefa maka fanapahan-kevitra dia tokony itandrina tsara izy ireo mba tsy anohintohina ny zaza izany.

## Andininy 4: Fizakana ny zo

Ny fanjakana no miantoka ny fiarovana ny zon'ny zaza rehetra. Tokony hanampy ireo raiamandreny izy ireo amin'izany ary koa mametraka fiaraha-monina afahan'ny zaza mitombo sy ivoaran'ny fahaizany.

## Andininy 5: Fanoroan-dàlana ny zaza sy fivoaran'ny fahaizany

Manana andraikitra lehibe amin'ny fizakan'ny zaza ny zony ny raiamandreny no sady miantoka ny fanajana ireo zon'ny zaza rehetra.

## Andininy 6: Fiainana sy fivelarana feno

Manana zo hiaina ny zaza rehetra.

## Andininy 7: Zo hanana anarana sy Firenena

- Vao teraka dia tokony hanana anarana ny zaza ary koa mizaka zom-pireneny;
- Tokony eken'ny fanjakana ny fananan'ny zaza izany rehetra izany.

## Andininy 8: Fiarovana ny mombamomba ny zaza

Manana zo ny mombamomba azy ny zaza-Voarakitra anatin'ny sora-piankohanana sy fanambaram-piterahana izany. Tsy misy olona na iray aza afaka mikosoka ny mombamomba ny zaza.

### Andininy 9: Ny fisarahana amin'ny raiamandreny

Manana zo hiara-monina amin'ny raiamandreniny ny zaza raha tsy voatohintohina ny tombotsoan'ny zaza. Manana zo hiara-monina amin'ny fianakaviana afaka hamelona azy ny zaza.




### Andininy 10: Fampiraisana ny isam-pianakaviana

Raha tsy iray toerana amin'ny raiamandreniny ny zaza, dia manana zo feno izy handeha hiara-monina amin'izy ireo.

### Andininy 11: Fifindran-toerana sy tsy fampodiana tsy ara-dàlana

Tokony ho voaharo amin'ny fangalaran-jaza ny zaza.

### Andininy 12: Ny hevitry ny zaza

Manana zo haneho ny heviny an-kalalahana ny zaza. Anjaran'ny lehibe no mihaino azy ireo ary tsy mandika izany ho hevi-jaza.

### Andininy 13: Fanehoan-kevitra an-kalalahana

Manana zo ny zaza hafantatra ny zava-misy sy haneho an-kalalahana izany amin'ny hafa, amin'ny fandraisam-pitenenana, amin'ny fanaovana sary, amin'ny soratra na amin'ny endrika hafa koa, raha tsy manohintohina ny hafa izany.

### Andininy 14: Fahalalahana ara-pisainana, ara-pieritreretana ary ara-pinoana

Manana zo hisafidy izay foto-pinoany ny zaza. Ny raiamandreny no manampy azy amin'izany safidiny izany ary mahafantatra izay mahasoa ilay zaza.

### Andininy 15: Fahalalahana hiditra anaty fikambanana

Manana zo hisafidy izay ho namany ny zaza, sy hiditra sy mamorona (anatin'ny) fikambanana ko izy raha toa ka tsy manohintohina ny hafa izany.

### Andininy 16: Fiarovana ny fiainana manokana

Manana zo hanana ny fiainany manokana ny zaza.

### Andininy 17: Fahazoana vaovao mifanentana amin'ny taona

Manana zo hahalala izay mahasoa azy ny zaza mba afahany mivelatra ara -tsaina. Ny radio, ny gazety, ny boky, ny solosaina ohatra dia tokony mampahafantatra izany azy. Andraikitry ny lehibe kosa ny miantoka fa vaovao sahaza ny taonany no ho zaraina amin'ny zaza ary manampy azy ireo mba hatakatra ny hevitr'izany.

## Andininy 18: Andraikitry ny raiamandreny

Raha ny tokony ho izy dia ny raiamandreny niteraka no miandraikitra ny fanabeazana sy ny fitaizana ny zanany. Zon'ny zaza rahateo izany.



## Andininy 19 : Fiarovana amin'ny herisetra sy fampijaliana

Manana zo harovana amin'ny herisetra sy ny fampijaliana ara-batana, ara-tsaina sns… ny zaza.

## Andininy 20: Fiarovana ny zaza tsy eo anivon'ny fianakaviana

Manana zo ho karakaraina manokana ny zaza tsy eo anivon'ny raiamandreniny na ny fianakaviany.

## Andininy 21: Fananganan-jaza

Manana zo ho karakaraina tsara sy ho arovana ny zaza raha toa ka zaza natsangana na napetraka aman'olona.

## Andininy22: Zaza mitsoa-ponenana

Fiahiana manokana no omena ny zaza mitsoa-ponenana na voatery niala ny tokantranony ka monina any amin'ny firenen-kafa. Ny zo rehetra voarakitra anatin'ny FIZOZAZA dia manan-kery aminy avokoa.

## Andininy 23: Zaza manana fahasembanana

Ny zaza manana fahasembanana dia manana zo hahazo fitsaboana manokana sy fanabeazana ary fiofanana, indrindra fa ny fampiharana ny zo rehetra anatin'ny FIZOZAZA mba afahany manana fiainana mirindra.

## Andininy 24: Toe-pahasalamana sy fikarakarana ara-pahasalamana

Manan-jo ahazo fitsaboana feno sy ara-dalàna, hanana rano fisotro-madio ary sakafo ara-pahasalamana, tontolo madio sy azo antoka ny zaza. Omena  azy fahalalana mba ahazoany fahalasalamana feno.

## Andininy 25: Fanavaozana ny fikarakarana ny zaza

Mila arahi-maso matetika ny fiainan'ny zaza lavitra ny fianakaviany. Tokony ifandraika amin'ny tombotsoa lehibe indrindra ho an'ny zaza ny zava-misy hiainany.

## Andininy 26: Fiahiana ara-tsosialy

Tokony hampian'ny fanjakana ny zaza mahantra sy tsy manan-koraisina.

## Andininy 27: Fari-piainana

Manana zo hitafy, hisakafo ary hanana toerana sahaza azy ny zaza mba afahany mihaina sy mahazo fitsaboana raha mila izany izy. Tsy tokony ambaka noho ny hafa ny zaza noho izany ka tokony ho  afaka manao izay zavatra rehetra mety aminy izy.

### Andininy 28: Fampianarana

Manana zo ahazo fanabeazana: fampianarana tena tsara ny zaza, tokony afaka hanohy ny fianarany izy raha mbola vitany izany.



### Andininy 29: Zava-kendren'ny fampianarana

Ny fanabeazana/ny fianarana dia afahan'ny zaza mampitombo ny talentany sy ny fahaizany. Manampy azy hiaina am-piadanana, hiaro ny manodidina azy sy hanaja ny hafa ihany koa izany.

### Andininy 30: Ny zanaky ny vondron'olona vitsy an'isa na manana fomba fiaina manokana

Manan-jo hisafidy ny kolo-tsainy, ny teniny, ny finoany ny zaza. Mba ho fampiarana ny FIZOZAZA dia mila fiarovana manokana ny zanaky ny vondron'olona vitsy an'isa na manana fiainana manokana.

### Andininy 31: Fialam-boly

Manana zo iala sasatra sy milalao ny zaza.

### Andininy 32: Zaza miasa

Manana zo ho arovana amin'ny fampiasana azy amin'ny asa miteraka tsy fahasalamana ho azy ny zaza ary indrindra asa manakana azy tsy andeha an-tsekoly. Raha zaza ampy taona tokony hiasa dia tokony handray karama ara-dalàna tsy misy fanambakana. Mihaina anatin'ny fandriampahalemana izy amin'izany.

### Andininy 33: Fandraisana sy fanondranana zava-mahadomelina

Manana zo ho arovana amin'ny fandraisana zava-mahadomelina sy fanondranana izany ny zaza.

### Andininy 34: Fiarovana amin'ny fametavetana na ny fanararaotana ara-nofo

Manana zo ho arovana amin'ny fanararaotana ara-nofo ny zaza.

### Andininy 35: Fivarotan-jaza

Tsy misy olona na iray aza afaka mangalatra na mivaro-jaza.

### Andininy 36: Endri-panararaotana hafa

Manana zo ho arovana amin'ny endrika fanararaotana hafa rehetra ny zaza.

### Andininy 37: Fampijaliana sy famonjana

Tsy misy olona afaka manasazy ny zaza amin'ny alalan'ny fampijaliana.

### Andininy 38: Ady mitam-piadiana

Raha any amin'ny tany misy ady no misy ny zaza, dia tokony ho tandrovina mba hiaina milamina izy. Ny zaza latsaka ny 15 taona dia tsy azo terena hanao miaramila.



### Andininy 39: Famerenana amin'ny laoniny sy fiverenana anivon'ny fiaraha-monina

Manana zo ho arovana ny zaza raha maratra, raha iharan'ny fampijaliana.

### Andininy 40: Fitsarana ny zaza tsy ampy taona

Manana zo hahazo fitsinjovana manokana ny zaza mandalo fitsarana anatin'ny rafi-pitsarana manaja ny zon'ny zaza.

### Andininy 41: Fanajana ireo fepetra efa mipetraka

Raha manana lalàna afaka mitandro sy manaja ny zon'ny zaza ny firenena iray mihoatra amin'izay voarakitra ato anatin'ny FIZOZAZA dia izay no manan-kery sy ampiharina.

### Andininy 42: Fanapariahana ny FIZOZAZA

Manana zo hafantatra ireo zony ny zaza. Anjaran'ny olon-drehetra ny manampy mampahafantatra izany amin'ny zaza.

### Andininy 43 à 54: Fanapariahana ny FIZOZAZA

Manazava ny fomba fampiharana ireo zon'ny zaza ny andininy voatanisa ato anatin'ny FIZOZAZA. Manana adidy amin'izany ny fanjakana sy ireo fikambanana iraisam-pirenena toa ny UNICEF amin'ny fampiharana ny FIZOZAZA mba ho voahaja araka ny tokony ho izy ireo zon'ny zaza.



© UNICEF Madagascar/2009/Pirozzi


© UNICEF Madagascar/2012/Delannoy